FANONDRANANA OLONA AN-TSOKOSOKO 4

# SARONA IREO ROA LAHY MPANDEFA TOVOVAVY HIASA ANY IVELANY

MARINA IZANY ! 7

## MAHAZOARIVO NO KAPITENY !

TAKSIBROSY ZOTRA NASIONALY 8

## TSY MAINTSY MPAMILY ROA NA LALANA LATSAKY NY 400 KM AZA


Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7617 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 14 jolay 2023


124 NO 124 2

RABEJEAN MIARINARIVO

## MPANDALA FIHAVANANA, OLONA TIA MANDEFITRA



HO RAIKITRA NY FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA 7

# NANDAMOKA NY KETRIK'IREO MPANAO POLITIKA HANAO TETEZAMITA



KITRA-MONDIAL 2026 3

## MALI, GHANA, CENTRAFRIQUE, COMORES, ARY TCHAD NO MIRAY VONDRONA AMIN'NY BAREA

FIFANINANANA IRAISAM-PIRENENA HO AN'NY MOZIKA ANY GENÈVE

## NAHAZO NY "PRIX HONORABLE" NY TARIKA QUATUOR SQUAD 2

ANTANANARIVO-RENIVOHITRA 8

# NIDINA 54,54 ISANJATO NY TAHAM-PAHAFAHANA BEPC


UN ÉVÉNEMENT A FINANCEMENTS PRIVÉS, FER DE LANCE DU DÉVELOPPEMENT TOURISTIQUE DE MADAGASCAR



Du 15 au 23 juillet

merci à nos partenaires

Les partenaires historiques du festival des baleines

Partenaires La Réunion

festival des baleines

NOS PARTENAIRES 2023

Telma VITAFOAM Gouty Madagascar AIRLINES NICOLAS SOREDIM THB

PRINCESSE BORA LODGE & SPA

GCL 560/26-12

## Izy no izy

Rabejean Miarinarivo

# Mpandala ny fihavanana malagasy, olona tia mandefitra

Eo amin'ny tontolon'ny mozika, indrindra fa ny vakodrazana, no tena ahafantarana an-dRabejean Miarinarivo, na Razafindrabe Jean France Wysco. Mponina avy any Itasy, ny marimarina kokoa avy ny Mianarivo ny tenany, ary ny olona avy any Mihitsy no nanome azy an'io anarana Rabejean Miarinarivo io fony izy mbola mpianatra teny amin'ny CEG ka dia notazominy izany. Wysco kosa no fiantso azy amin' ny fiainana andavan'andro raha an-tanan-dehibe, fa i Zackó no fiantson'ireo nahafantatra azy hatramin'izay. Mipetraka eto Antananarivo izy amin'izao ary miasa sy mila ravinahitra amin'ny mozika nentim-paharazana malagasy sady mbola manohy fianarana kely eny en-tsefatsefany eny ihany koa. Nolazainy moa fa tsy lova fa talenta voajanahary nomen'Andriamanitra sy ny razana azy ny vakodrazana malagasy ka naha mpanakanto mpanao kolontsaina malagasy azy izao. Nanao fikarohana sy naka traikefa tamin'ireo zoky be toa ray efa matihanina tamin'izany izy ary narahiny serasera teny rehetra teny, na ambanivohitra io na an-tanandehibe, dia ireny mitambatra no nanome ny kanto entiny ka tonga loko ho Rabejean Miarinarivo ankehitriny io.



### Mandala ny fihavanana

Olona tsotra nefa saroti-po be, izay no azo amaritana ny toetran-dRabejean Miarinarivo. Olona tia fihavanana ary sakaizan'ny tontolo rehetra ihany koa izy, satria tsy mba nametraka fahavalo izany. Mora tohina kosa anefa izy nefa mora manana fo tony ihany koa. Mpitarika sy mpitondra olona moa izy ka rariny raha masiaka bé ronono amin'ny olona rehetra entiny, na ny zanany izany, na ny vadiny, na amin'ny zaza beaziny. Mahafinaritra azy ihany koa anefa raha misy ny olona afaka miteny sy manitsy azy amin'ny lalan-kizorany, dia ireo mpanome torohevitra tsara, fa tsy hoe izy foana no miteny sy mananatra. Nolazainy moa fa novolavolaina tao anaty fikambanana mpandala fihavanana izy ka izay no mahatonga azy ho tia mandala fihavanana sy mandefitra mandrakariva raha mbola azo atao. Eo amin'ny lafiny asa kosa anefa dia misy, hoy izy, ny tsy azo andeferana fa tsy maintsy mampiseho hoe hentitra.

### Manan-talenta amin'ny fandrahoana sakafo

Ankotra ny Mozika dia manan-talenta amin'ny fandrahoana sakafo ihany koa Rabejean Miarinarivo. Nolazainy fa tena tiany ny manao nahandro gasy ary dia manana telenta amin' izany mihitsy izy. Tsy nanaraka fiofanana tamin'ny fandrahoana sakafo izy raha ny filazany fa nampiana-tena, satria zavatra tiany dia izy ihany no mikarokaroka eo. "Ny sakafo tena tiako dia ny vary sy laoka tsaramaso sy henan' omby laroina varimaina mipoaka, asiana lasary voatabia na karoty arahina ro ravin-tsikirity ».

### Mahay mikabary

Manana talenta amin'ny kabary ihany koa izy. Ny kabary amin'ny vodiondry no anisan'ny efa fanaony. Raha ny fialam-boly tiany indray no resahina dia nolaziany fa tia mandeha mizaha tany sy manao fanorona ary mikarakara zaridaina izy. Mankafy mijery sarimihetsika "Aventure "sy ireny maherihery setra ireny ihany koa izy.

**Tanya.R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny finoana no ahafahako manatanteraka ireo noheveriko tsy ho vita sy ireo mbola tsy tafita. Ka ny fitiavana ihany no afaka manamora ireo noheverina ho sarotra mba hamahana ny fatotra."
Ny Vetso (20. 08. 15)
("Faith makes all things possible… love makes all things easy." Dwight L. Moody)

Fifaninanana iraisam-pirenena ho an'ny mozika any Genève

# Nahazo ny "prix honorable" ny tarika Quatuor Squad



**Lanonana fanomezana diploma an'ireo ankizy mpianatra. ( Sary : Ariel)**

Anisan'ny nandray anjara tamin'ilay fifaninanana iraisam-pirenena ho an'ny mozika any Genève ny tarika Quatuor Squad. Ny horonantsary mirakitra ny fampisehoana nataon' izy ireo tao amin'ny CC Esca farany teo moa no nalefan'izy ireo nifaninanana tamin'ity ka nahazoan'izy ireo ny « prix honorable ». Tsy izy ireo irery ihany fa anisan'ny tarika iray avy aty Madagasikara nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity koa ny Chœur Miangaky, ary dia nahazo ny « prix excellence ». Zava-dehibe ho antsika eto Madagasikara moa ny vokatra tahaka izao, satria dia afaka mirehareha isika fa manana tanora malagasy manan-talenta amin'ny mozika tsy mena-mitaha amin'ireo any ivelany. Tsara tokoa mantsy ny manamarika fa firenena maro eran-tany no nandray anjara tamin'ity ary dia anisan'ny nahazo maripankasitrahana isika. Raha resahina kely dia fifaninanana anisan'ny tranainy sy malaza indrindra ity fifaninanana ho an'ny mozika any Genève ity. Efa maro ireo mpanakanto andrarezina nahazo loka tamin'izany, raha tsy hiteny afa tsy Friedrich Gulda, Martha Argerich, Nelson Goerne isika. Misokatra ho an'ny mpanakanto hatramin'ny 30 taona ; hampiroborobo sy hanohana ny talentan'ny tanora amin'ny fanomezana azy ireo fitaovana ilainy amin'ny fampivelarana ny asa iraisam-pirenena kosa no tanjona.

**Tanya.R**

"Angolam-pitia"

# Boky amboaran-tononkalo nosoratan-dRampanana Raymond

"Angolam-pitia", io no lohatenin'ny boky amboarantonokalo nosoratan-dRampanana Raymond, fantatra amin'ny anarana hoe koa Riadiana. Nosoratany hampisongadinana ny maha zava-dehibe ny fitiavana sy ny tontolony ny boky ary natolony ho an'ny vady andefomandriny sy ny zanaka aman-jafiny. Na izany aza dia azon'ny rehetra akana anatra sy fahendrena, satria mahakasika ny isam-batanolona. Fitiavana, satria io no fihetsehampo lalina sy mahery vaka indrindra ao amin'ny olombelona. *"Iriko fatratra hampitombo ny fitiavanao mamaky boky sy hahatonga anao hankafy ny sorakanto malagasy ny filomanao ao anatin'ity amboaran-tononkalo "angolam-pitia ity",* hoy Rampanana Raymond nandritra ny resaka nifanaovana taminy. Ahitana pejy 116 eo ny amboaran-tononkalo "Angolam-pitia" amin' ny endriny A5. Nanao ny teny fanolorana sy nanampy azy teo amin'ny fandrafetana sy fandaharana ny amboaran-tononkalo Ranjatohery Harilala sy Ranoe ary Thierry Rasamizanany sy Rafalimanana Ramy. Anisan'ny mampiavaka ity boky ity ny fisian'ny fitenimparitra ao anatiny sy ny fampiasany ny "sonnet", na tononkalo misy kaody sy hevi-dalina. Miady rima hatrany na andian-tsoratra lava aza no hanehoan'ny mpanoratra azy. Nanefy azy tamin'izany ny fandinihana ny sanganasan'i Ronsard, Chateaubriand mpanoratra vahiny, ary i Dox. Ho an'ireo izay maniry hahazo ny boky dia afaka miantso ny laharana 034 09 941 31.



**Izy no Rampanana Raymond.**

### Manan-talenta maro

Tiana ny mampahafantatra fa manan-talenta maro lafy Rampanana Raymond. Mpampianatra Mpikabary, mpamoronkira ary indrindra ny fanoratana sy famoronana tsianjery ho an'ny ankizy. 72 taona izy amin' izao fotoana izao, manambady sy manan-janaka 3, sy zafikely 8. Ny taona 1968 izy no nanomboka nanoratra. Ansian'ny nanangana ny ASAUT tany Toliary izy ary mpikambana ao amin' ny Faribolana Sandratra. Nandray anjara tamin'ny fifaninana asa soratra maro, ka izy no nahazo ny loka voalohany tamin'ny fifaninana nampanoavin'ny STELARIM (Sampana teny sy lahabolana ary Riba Malagasy) ny taona 1990. Nahazo ny lokan'ny asa soratra mendrika tamin'ny fifaninanana "Ranto 95" ny taona 1995. Ankoatra izay dia mpamoron-kiran'ny FJKM Tranovato Anjanahary Martiora ihany koa no tena ahafantaran'ny maro azy. Maro ihany koa ny boky efa misy ny sanganasany niarahany tamin'ny mpanoratra hafa, ka anisan' izany "tontolo iainana", "Soitrafo", "kolosoratra" ary tononkalo ao amin'ny boky "Lovako T 12".

**Tiaray R**



Rugby - XXL TOP20/manasa-dalana

# Ftm hihaona amin'ny Uscar, Cosfa hidona amin'ny 3fb

Ny FT Manjakaray hifanandrina amin'ny USCAR ary ny COSFA hifandona amin' ny 3FB. Ireo no fihaonana voalahatra eo amin'ny manasa-dalana amin'ny fiadiana ny "XXL TOP20", taranja Rugby. Mbola aorian' ny Lalaon'ny Nosy moa no hanatanterahana azy ity, satria dia efa anatin'ny fanomanana ny fiatrehana ity JIOI ity ny eo anivon'ny federasiona. Ny kianja Makis rahateo efa nikatona nanomboka tamin'ny alatsinainy teo. Raha hiverenana ity fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ity. Taorian'ny ampahefa-dalana dia namoaka ny filaharana ny teknisiana teo anivon'ny Malagasy Rugby. Tafavoaka voalohany tamin'izany ny FT Manjakaray, narahin'ny COSFA. Laharana fahatelo ny 3FB ary ny USCAR no faha-4. Araka ny fitsipika mifehy ny fifaninanana dia ny klioba nahazo ny laharana voalohany sy ny faha-4 no mifanandrina, izany hoe FTM # USCAR. Ny ekipa faharoa sy ny fahatelo kosa no mihaona eo amin'ny lalao manasa-dalana ilany (COSFA # USCAR). Lalao miady avokoa izy ireto, ka antenaina fa ho tonga maro indray ireo mpijery sy mpankafy ity taranja ity mandritra izany. Efa nampoizina ihany ny fahitana ireto ekipa 4 tonga amin'ny manasa-dalana ireto, raha ny nambaran'ny Tale Teknika Nasionaly, Antsoniandro Randrianorosoa. Ankoatra ny FTM sy COSFA, izay ampy ny andro hanaovana fanazarantena, hita fa niakatra ny haavo teknikan'ny USCAR sy 3FB, taorian'ny tery ataon'ny mpitantana azy avy. Mahatsapa ity DTN ity fa afaka mifaninana amin' izy ireto avokoa ireo klioba sasany, saingy mitaky fanovana ny fomba fanaovana fanazarantena avokoa izany.

**Rabenaivo**

Lomano - Lalaon'ny Nosy

# Tsy nisy tonga any Toamasina ireo "expatriés"

Nanomboka omaly any Toamasina, ny fifaninanana fitsapana farany ireo mpilomano handrafitra ny ekipam-pirenena, hiatrika ny Lalaon' ny Nosy 2023. Nambaran' ny Tale Teknika Nasionaly, Naivo Razafindrafidy, noho ny fiovan'ny daty, izay tokony amin'ny 24 jolay izao, fa tsy afaka namonjy ity fifaninanana fifantenana farany ity ireo mpilomano mila ravinahitra. Fantatra kosa fa amin'ny herinandro ho avy io no ho tonga eto ny anakiroa, dia Gervais Noa sy Razafintsalama Tiavintsoa. Mahakasika izay Lalaon'ny Nosy izay hatrany, nahena ho 16(8 lahy sy 8 vavy)



Nanomboka omaly any Toamasina, ny fifaninanana fitsapana farany ireo mpilomano handrafitra ny ekipam-pirenena.(Tahirin-tsary)

ihany ny isan'ny mpilomano hisolo tena antsika, raha 30 tany am-boalohany. Eo ampiandrasana izany, nizotra soa aman-tsara ny andro voalohany omaly, na dia somary nangatsiaka sy nandrivotra aza tao amin'ny dobo filomanosan'ny CPJS Toamasina. Toy izao no vokatra voaray tany antoerana, teo amin'ny 50m dos vehivavy, Tendrinavalona Idealy avy ao amin'ny Cosra no tafavoaka voalohany, nahavita ny fifaninana tao anatin'ny 32.06. Laharana faharoa Rabejaona Holy Antsa avy amin' ny klioban'ny Managing Sport Natation(32.11). Teo amin'ity 50m dos ity hatrany fa ho an'ny sokajy lehilahy, Ramiakatrarivo Ando avy ao amin'ny kliioban'ny ASSM no tonga voalohany, nahavita ny fifaninanana tao anatin'ny 28.93. Laharana faharoa kosa Andrianirina Lalanomena Tana avy amin' ny Racing Club(27.00). Fahatelo Tendry Tiavina Rakotobe avy amin'ny kliioban'ny Sainte Jeanne D'arc (27.97).

**Rabenaivo**

Kitra - K2HB


# Tokony hisy fandaminana vao miroso amin'ny fifidianana

Nivoaka tamin'ny fahanginany ry zareo eo anivon' ny K2HB (Komity Hamerina indray ny Hasin'ny Baolina kitra Malagasy). Manoloana ny fitarainana sy antso ataon'ireo mpisehatra sy mpankafy ity taranja ity dia nanambara ny filohan'ny K2HB, Rakotomalala Celin, fa nitsangana indray izy ireo, raha somary tsy niditra loatra nandritra ny taompiasan'ireo mpitantana ny federasiona teo. Nohamafisin'ity filoha ity fa anisan'ny fitarainana voarain'izy ireo ny fitomboana isan-kerinandro ny isan'ny mpifidy. Ao ireo seksiona tsy manana klioba kanefa misy fifidianana ao aminy. Ny sasany, toy ny eny Avaradrano, misy klioba lahy sy vavy mihitsy saingy tsy misy fifidianana. Ho an'i Manjakandriana indray, tsy misy fifaninanana ofisialy fa baolim-piangonana no nisy. Misy ireo klioba ara-dalàna, manana « certificat de conformité », saingy nesorina tsy ho anisan'ny mpifidy fa ireo nanao baolim-piangonana no nanamboarana antontan-taratasy ka afaka nifidy, raha ny nambaran-dry zareo K2HB hatrany. Raha ny lojika sy ho fanamarinana ny mpifidy, hoy hatrany ity mpitarika ny K2HB ity, dia tokony hampiseho ny "feuille de match légal" vao afaka mifidy. Tranga miseho izay tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy koa, hoy hatrany ry zareo K2HB, ny fisian'ny filohan'ny ligy na Seksiona mikarakara mivantana ny antontantaratasin'ireo klioba tiana hifidy, ka na tsy nandray anjara tamin'ny fifaninanana aza ilay klioba tamin' ny 2022-2023 dia afaka mandray anjara amin'ny fifidianana. Manoloana ireo tranga tsy fanarahan-dalàna ireo, miantso ireny delegen' ny MJS eny anivon'ny distrika ireny tsy hanaiky sy hampandeha ny fifidianana ny eo anivon'ny K2HB. Nambaran'izy ireto fa tsy nahazo hafatra avy amin'ny kapiteny Faneva Ima izy ireo, fa noho ny fahitana ny toe-draharaha fotsiny ihany. Amin'izy ireto dia ny fanomanana ny fifidianana mihitsy no tsy mety. Eo koa ny fanilihana kandida sy ny mpifidy.

**Rabenaivo**

Kitra - Mondial 2026

# Mali, Ghana, Centrafrique, Kaomoro ary Tchad no miray vondrona amin'ny Barea




Tontosa omaly tany Côte d'Ivoire, ny antsapaka fizarambondrona amin'ny fifanintsanan'ny Mondial 2026, ho an'ny aty amin'ny kaontinanta Afrika, taranja baolina kitra. Nivoaka tamin'izany, fa ao amin'ny vondrona "I" no misy ny Barean'i Madagasikara, miaraka amin'ny ekipam-pirenen'i Mali, Ghana, Centrafrique, Kaomoro ary Tchad. Tsorina fa maozatra ny miandry ny ekipam-pirenena malagasy amin'izany, izay toerana iray ihany no iadivana ao. Ghana sy Centrafrique dia tafaraka vondrona tamintsika nandritra ny fifanitsanan'ny CAN 2023 teo, izay niaraha-nahatsiaro ny vokatra, resin'i Ghana tamin'ny lalao mandroso, nisaraka ady sahala samy tsy nisy nitoko kosa tamin'ny lalao miverina tetsy Mahamasina. Ankilany kosa, resin'i Centrafrique hatrany isika na tamin'ny lalao mandroso na tany amin'ny lalao miverina, natao tany Kamerona. Mbola eo koa Mali, izay manana ny toerana aty Afrika. Ny tena andrasan'ny maro, ny fifandonan'ny Barea sy ny ekipampirenen'i Kaomoro, adin'ny samy avy aty amin'ny Oseana Indiana, izay efa nahavita dingana lehibe avokoa. Sambany kosa, hifanandrina amin'i Tchad isika, izay apetraka ho maivana indrindra anatin'ity vondrona ity, saingy na izany aza, tsy tokony hisy hambaniana na dia ny iray aza amin'izy ireto. Raha hiverenana ny fizotran'ny antsapaka, nozaraina tao anatin'ny vondrona miisa 9 izy ireo, napetraka ho lohavondrona kosa ireo Firenena 9, tsara toerana indrindra tamin'ny filaharana maneran-tany, nahitana an'i Côte d'Ivoire, Kamerona, Mali, Ejypta, Alzeria, Maraoka, Sénégal, Tonizia, Nizeria. Ireo voalohany isaky ny vondrona, avy hatrany dia mahazo ny tapakila hiatrehana ny Mondial, raha mbola hifandona kosa ireo firenena 4 mahazo ny laharana faharoa mendrika indrindra, ka hiatrika lalao sakana amin'ny firenena iray avy amin'ny kaontinanta hafa izay tafavoaka eo. Nandritra ny fivoriambe fanao arapotoana ny CAF moa no nanatanterahana ity antsapaka ity.

**Rabenaivo**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midgazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 178 - 07 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

**Salade de pâte**

**Akora ilaina :** Macaroni : 300g, poivron : 1, fromage : 100g, Atody : 1, nofon-kena na thon na mortadelle (izay mety aminao), katsaka masaka raha tinao fa tsy voatery, vinaigrette (tongolo +vinaigre+mayonnaise)

**Fikarakarana azy :** Ampangotrahina ny rano rehefa mangotraka dia arotsaka ilay macaroni. Faharetany eo amin'ny 10 minitra eo, dia esorina atao amin'ny plateau na bol. Hafanaina ny menaka avy eo dia endasina ny nofon-kena na thon rehefa malemy, dia alefa ao ny poivron, asina carotte kely sy ireo akora voatanisa tetsy ambony, dia afangaro miaraka amin'ny macaroni izy rehetra dia vita a!

## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 591/20-13)

* Lamba, kiraro, fanaka, machine, vy, TV, debara, kilalao sns. Tél : 034.03.047.43. Mme Sarah. (G-BA 600/20-4)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 598/10-8)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 603/4-2)

* Cours de musique : Piano, clavier, guitare. Accéléré à domicile. 2 mois. Tél : 034.53.257.77. (G-BA 602/7-4)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 598/10-8)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 601/6-4)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, raclage, bacs à graisse. Tél : 038.42.629.39. (G-BA 577/14-5)

* Vidange wc fosse septique, wc perdu, puisard, pompage, Makiplast, réparation. Tél : 034.16.145.06. (G-BA 582/5-5)

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 594/16-9)

Fanondranana olona an-tsokosoko

# Sarona ireo roa lahy mpandefa tovovavy hiasa any ivelany

*Ireo lehilahy ireo no mikarakara ny pasipaoron'izy ireo ka hakandry zalahy vola 400 000 ariary hatramin'ny 1 tapitrisa ariary isan'olona ireo vehivavy ho saran'ny fanaovana izany.*

Lehilahy roa sy vehivavy 12 no voasambotry ny polisy ny talata lasa teo tamin'ny fanaovana pasipaoro mikasika ny fanondranana olona. Nisy ny fanaraha-maso nataon'ny polisy avy ao amin'ny « service central des enquêtes spécialisées Anosy" an'ireo olona manao pasipaoro eny an-toerana ka nandritra izany dia lehilahy roa no tratra nanao pasipaoro ho an'ny vehivavy 12. Nisy avy hatrany ny andraikitra noraisin'ireo mpitandro filaminana ka nampanantsoina avokoa ireo olona ireo ary natao famotorana tany amin'ny biraon'ny polisy. Fantatra fa vehivavy 20 taona ka hatramin'ny 25 taona izy ireo ary saika haondrana an-tsokosoko any ivelany. Tamin'ny famotorana ihany no nahalalana fa avy any amin'ny faritr'i Sava ireo vehivavy ireo ka saika halefa hiasa an-trano any Allemagne sy Égypte ary Koweït.

**Roa tapitrisa ariary**

Dia ireo lehilahy ireo no mikarakara ny pasipaoron' izy ireo ka hakan-dry zalahy vola 400 000 ariary ka hatramin'ny 1 tapitrisa ariary isan'olona ireo vehivavy ho saran'ny fanaovana izany. Fantatra ihany koa fa samy manana ny andraikiny izy roa lahy, ka ny iray mandeha midina mankany amin'ny faritra mandresy lahatra an'ireo vehivavy, izay mazoto hiasa any ivelany. Asainy mankaty Antananarivo avy eo ireo izay resy lahatra hikarakarana taratasy. Rehefa tonga eto an-drenivohitra dia misy amin-dry zavavy no mipetraka any amin'izy roa lahy fa ny sasany kosa mandeha manofa trano. Vola mitentina 2 tapitrisa ariary moa ny sandan'ny fandefasana ireto vehivavy ireto any ivelany rehefa vita ny antontan-taratasy rehetra.

T.H

Anjanahary

# Mpamaky trano tratra niaraka tamin'ireo entana avy nangalariny

Lehilahy roa 24 taona sy 29 taona avy namaky trano no voasambotry ny polisy miasa ao amin'ny kaomisarian'ny boriboritany fahatelo omaly vao maraina tokony ho tamin'ny 2 ora teny Anjanahary. Mbola tratra tany amin' izy ireo ireo entana nangalariny tamin'io. Nisy trano vaky mantsy tany an-toerana ka niantso polisy avy hatrany ny tompon'ilay trano niharan'izany. Vantany vao nandre izany ireo mpitandro filaminana dia nandeha avy hatrany nidina ifotony teny an-toerana. Teny an-dalana anefa izy ireo no nifanehatra tamin'ireo olon-dratsy ary dia noraisim-potsiny ry zalahy. Hita teny amin'izy roa lahy ireo fitaovana maromaro nangalariny, toy ny vilany, lovia maromaro ary fatana. Ankoatra izay mbola nahatratrarana ireo fitaovana fampiasany rehefa manao ny asa ratsiny ihany koa teny amin'izy ireo, toy ny karazan-dakile, tournevis, hety ary baramina. Nentina nankany amin'ny kaomisaria nofotorana ry zalahy taorian'izay.

T.H

Toamasina

# Gadra miasa any ivelany hatrany no tratra manafika mitam-piadiana

Nanao fivoriana ny manampahefana tao an-drenivohitry ny faritra Atsinanana, omaly. Resaka tsy fandriampahalemana no anton'ny fiantsoana ireo tomponandraikitra, izay notarihin'ny sekretera jeneralin'ny prefektioran'i Toamasina ary natrehin'ny governora, ny tonian'ny fitsarana, ary ireo mpitandro ny filaminana telo tonta. Araka izany dia fantatra nandritra io fa rehefa misy ny tranga fanafihana mitam-piaidiana dia voalaza fa ireo voafonja mamita sazy ary manao asa any ivelany, na « corvée », hatrany no tomponantoka amin'izany. Nikatsaka vahaolana momba ity raharaha ity ireto manampahefana ary nampiantso izao fivoriana izao. Maromaro ny teboka nisongondina fa ilay lafiny filaminana no tena nodinihina. Tao anatin'izany dia nisy ny fanaraha-maso ny lisitry ny voafonja miasa any ivelan'ny fonja. Hisy ihany koa ny fitsirihana tampoka hatao ary hahena araka izay tratra ny isan'ny gadra manao izany asa ivelan'ny fonja izay. Tafiditra amin'ity tsy fandriam-pahalemana ity ihany koa dia mitaraina ny orinasa "Madarail" fa misy ny tranga halatra lalamby ataon'ireo olon-dratsy.

Ariel D.

Antanifotsy

# Mpiantoka omby nivadika nanao dahalo

Efa-dahy mpiantoka omby sy mpanao irakely no voasambotry ny zandary tao Analalava Atsimo, fokontany Analalava, kaominina Ambatotsipihina, distrikan' Antanifotsy, noho ny halatra omby nataony. Araka ny fanazavana dia nitondra omby iray hamidy tao antsena izy efa-dahy. Raikitra ny ady varotra ka naloa ny vodiondrim-barotra mitentina dimy hetsy Ariary. Nony hariva raha tonga haka ny vola ambiny iray tapitrisa Ariary sy hanao ny taratasin' omby ny mpividy dia roa lahy ihany anefa no nipoitra fa ny roa lahy hafa kosa namoaka ilay omby vao avy novidina niaraka tamin'ny omby roa hafa tao am-bala. Efa ora iray mahery taty aoriana vao nahatsikaritra ny tompon'omby fa tsy tao intsony ireo omby. Nampandrenesina avy hatrany ny zandary ka raikitra ny fanarahan-dia. Tsy lasa lavitra dia tratra ireo omby ary voasambotra avokoa izy efa-dahy.

R.C

Tsiroanomandidy

# Afaka ny DREN, migadra 10 volana ny chef Zap sy "assistant" an'ny depiote

Niakatra fitsarana ny raharaha mahakasika ny Dren Bongolava, sy ilay « assistant Parlementaire » an'ny depiote ao Tsiroanomandidy, ary ny mpampianatra iray Chef ZAP tany Ambalabirana. Taorian'ny fotoam-pitsarana dia nivoaka ny didy ka afaka madiodio ilay « DREN » ary voaheloka 10 volana an-tranomaizina sazy mihatra kosa ireo roa lahy hafa voampanga. Nanomboka tamin'ny 8 ora maraina ny fitsarana azy ireo tao Tsiroanomandidy. Efa niatrana tao an-toerana avokoa na Andriamatoa Rakotonirainy Tefiarisoa Joseph, Dren Bongolava, sy Randriamiadanarivo Jean Claude, izay chef Zap Ambalanirana II, ary Rakotosalama Jacky, mpampianatra avy any Tsinjoarivo Imanga sady « assistant » an'ny depiote izay miandraikitra ny raharaha fanabeazana. Ny fitoriana na ny heloka niampangana azy ireo ny resaka fisolokiana vola.

**Fitaka**

Raha tsiahivina ny tranga dia nisy nitory ny DREN Bongolava sy ny sefo ZAP Ambalanirana ary mpampianatra iray ao amin'ny distrikan'i Tsiroanomandidy, izay voalza anarana etsy ambony ireo. Niakatra teny amin'ny sampandraharaham-pitsarana miady amin'ny kolikoly izy ireo, na ny « PAC ». Anisan'ny fitoriana napetraky ny lasibatra ny raharaha fanamparam-pahefana sy fakana vola tsy aradrariny tamin'ny mpampianatra Fram, izay nampanantenaina fa horaisina ho mpiasam-panjakana. Tsy nahefa moa ny fitsarana ka nafindra tany Tsiroanomandidy ny raharaha ka izao nivoaka izao ny didy.

Fantatra fa antony nitoriana azy ireo ny fampanantenana fitaka, satria tsy mbola voaray ho mpiasam-panjakana akory ireto mpampianatra ireto, ka izao hiakatra fitsarana izao ny raharaha.

Ariel D.

Imerintsiatosika

# Roa lahy mpivarotra rongony nahatratrarana ody gasy marobe

Nandritra ny fisavana nataon'ny zandary ny tranon'izy roa lahy ireto no nahatratrarana fonosan-drongony sy ody gasy marobe tao aminy. Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahatratraran'ny zandary azy roa lahy ireto. Voalaza fa mpivarotra rongony ao amin'ny fokontany Antanambao, kaominina Imerintsiatosika, izy ireo. Nidina teny an-toerana avy hatrany ny zandary hisambotra azy ireo ka inona tokoa fa rehefa natao ny fisavana dia nahitana fonosan-drongony enimpolo mahery sy ody gasy isankarazany tao. Araka izany dia sady mpivarotra rongony izy ireo no manao dadarabe ihany koa. Nogiazana avokoa ireo rongony sy ody gasy rehetra ary notanana natao famotorana izy roa lahy. Efa natolotra ny Fitsarana avy hatrany ny raharaha.

**Hafa koa**

Fa mbola resaka rongony ihany saingy tany amin'ny faritr'i Vakinankaratra iny indray kosa dia ramatoa iray mpivarotra rongony sy tovolahy iray mpifoka ihany koa no voasambotry ny zandary tao Antsirabe renivohitra. Rehefa nahazo vaovao mahakasika ity mpivarotra rongony ity ny zandary dia nanao fisavana ny tranony. Tratra teo am-pifohana rongony ilay tovolahy, ilay ramatoa kosa avy nandray vola teo ary mbola eo am-pivarotana. Mbola nahatratrarana rongony dimy amby sivifolo fonosana tany aminy, izay nogiazana avokoa. Notanana natao famotorana izy mianadahy ireo ary hatolotra ny Fitsarana.

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Aiza*




## Hatsikana an-tsary

*Ekonomia*




## Masoandro miposaka

**Jeremia 1 : 5-6**

5 Hatry ny fony ianao tsy mbola noforoniko tany an-kibo no efa fantatro, ary hatry ny fony ianao tsy mbola teraka no efa nohamasiniko sy notendreko ho mpaminany ho an'ny firenena.
6 Ary hoy kosa aho: Indrisy, Jehovah Tompo ô! indro, tsy mahay mandahateny aho, fa mbola zaza.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Tsy mety raha miala maina toy ny mandevim-boka (na amboa).**

Il n'est pas convenable de s'en aller les mains vides commes lorsqu'on a enterré un lépreux (ou un chien).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **2997**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | 9 |
| | | 2 | | | | | 6 | |
| | 7 | | 3 | | | | | |
| | 3 | | 2 | | | 7 | 5 | |
| | 9 | | | | | | | |
| | | | 4 | | | | 3 | 1 |
| | | | | 8 | | 5 | 2 | |
| 5 | 8 | | | 6 | | | | |
| | 2 | | | | 7 | | 4 | |

Valin'ny laharana **2996**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 5 | 2 | 9 | 7 | 6 | 3 | 4 | 8 |
| 9 | 3 | 8 | 2 | 4 | 5 | 7 | 1 | 6 |
| 4 | 7 | 6 | 8 | 1 | 3 | 2 | 5 | 9 |
| 6 | 4 | 3 | 7 | 9 | 1 | 8 | 2 | 5 |
| 2 | 1 | 5 | 6 | 3 | 8 | 9 | 7 | 4 |
| 8 | 9 | 7 | 4 | 5 | 2 | 6 | 3 | 1 |
| 3 | 6 | 1 | 5 | 8 | 7 | 4 | 9 | 2 |
| 5 | 2 | 9 | 3 | 6 | 4 | 1 | 8 | 7 |
| 7 | 8 | 4 | 1 | 2 | 9 | 5 | 6 | 3 |

Ho raikitra ny fifidianana filoham-pirenena

# Nandamoka ny ketrik'ireo mpanao politika hanao tetezamita

*Maro tamin'ireo mpanao politika, indrindra fa ny avy amin'ny mpanohitra no nihevitra fa tsy sahy hiroso amin'ny fifidianana ny fitondrana ankehitriny.*

Niala maina ! Tsy tratra ny tanjona ho an'ireo mpanao politika nieritreritra ny hametraka tetezamita teto amin'ny firenena. Volana vitsivitsy lasa izay dia novoizina mafy teto io resaka fitantanana ivelan'ny lalàmpanorenana io. Nivoaka tamin'izany ireo karazamboambolana maro, tahaka ny hoe TEN (Transition d'Entente Nationale), ny GENIE(Gouvernement d'Entente Nationale Intermédiaire pour les Elections) ary ny farany teo ny APOGENIIES (Alliance de Préfiguration pour l'Organisation d'un Gouvernement d'Entente Nationale Intermédiaire pour les Institutions et les Elections Stables). Na ny fahitana ny fanalavana ireo fanafohezan-teny ireo aza mahavalalanina ny maso. Ireo Filoham-pirenena teo aloha no voatonontonona matetika tamin' ny fiketrehana izany. Saika nandamoka avokoa anefa ireo hetsika ireo taorian'ny namoahan'ny filankevitry ny governemanta ny datim-pifidianana farany teo. Maro tamin'ireo mpanao politika sasany, indrindra avy amin'ny mpanohitra no nihevitra fa tsy sahy hiroso amin'ny fifidianana ny fitondrana ankehitriny. Nisy tamin'izy ireo mihitsy no efa nanao fanambarana mihitsy ny tokony handraisan'ny foloalindahy ny andraikiny manoloana ny raharaham-pirenena.

**Krizy politika**

Amin'ny toe-javatra tahaka itony moa dia tondroina hatrany ho manosika izany avy any ambadika ny Vondrona Iraisam-pirenena na tsy ahitana porofo mivaingana mikasika izany aza. Nasesik'ireto mpanao politika ireto mafy tao anatin'io ny fisiana krizy eto amin'ny firenena. Niezaka hatrany moa ny fitondrana nanazava fa tsy misy krizy politika eto fa ny krizy ara-toekarena sy sosialy vokatry ny zava-misy maneran-tany no hita, ka io ataon'ireo mpanao politika fitaovana hitadiavan-tseza. Ny mifanohitra amin'izany ny zavatra nataon'ny Vondrona iraisam-pirenena. Nanomboka nanokatra ilay tahiry iombonana na "basket fund" ho entina hanohanana ny fifidianana izy ireo vao tsy ela akory izay.

**JUDD**

Depiote Razafitsiandraofa Jean Brunelle

# Tsy hijoro hiaro fanjakana, raha mbola tsy misy mpijery ny vahoakan'Ikongo

Takaitra navelan'ny rivodoza Batsirai sy Emnati tany Ikongo, izay namoizana ain'olona ; vono olona tany Ikongo, tamin'ny 29 aogositra tamin'ny taon-dasa vokatry ny tifitra variraraka nataon'ny zandary tany antoerana...Anisan'ny dosie roa ambaran'ny solombavambahoaka Razafitsiandraofa Jean Brunelles voafidy tany amin'io distrika io fa tsy misy tohiny na dia mpiray tanindrazana maro aza no maty nandritra izany. Tranga roa anohanan'io olomboafidy io ny fahanginany, manoloana ny fanakianana mavaivay miantefa amin'ny mpitondra. Tsiahivina fa nihaona tamin'ny talen'ny kabinetran'ny fiadidiana ny repoblika, teny amin'ny lapam-panjakana Ambohitsorohitra ny solombavambahoaka Razafitsiandraofa Brunelle, tamin'ny herinandro lasa teo. Ary anisan'ny fanontaniana napetraka taminy no anton' ny fahanginany. Ny valimpanontaniany, araka ny nambaran'io olomboafidy io dia tsy hijoro hiaro ny fanjakana ny tenany, raha tsy misy mpijery ny vahoakan'Ikongo nifidy azy. Notsiahivin'ny depiote Razafitsiandraofa Brunelle fa namono tena izy nametraka izao fanjakana izao, saingy ny fanaovana an-kilabao ny vahoakan'Ikongo sy ny baiko nidina, ny hanonganana azy tsy ho mpikambana ao amin'ny birao maharitry ny Antenimierampirenena no tambiny. Antony mahatonga azy misafidy ny hangina !

**V.R.**



**Ny solombavambahoaka Razafitsiandraofa Jean Brunelle.**

Herimanana Razafimahefa

# Hiantoka ny fitaterana ireo mpanala BACC eny Ambohimanga

Manohana ireo tanora hiatrika ny fandinam-panjakana bakalorea amin'ny herinandro ambony ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Herimanana Razafimahefa. Omaly no tonga nangataka tso-drano tamin'io filohan' Andrimpanjakana mpanao lalàna eny Anosikely io ireo mpianatra 140 ao amin'ny kaominina Ambohimanga, ao amin'ny distrikan'Avaradrano. Nankahery sy nirary fahombiazana ho azy ireo Ing. Herimanana Razafimahefa nandritra izany ary nampanantena hiantoka ny fitaterana ireo mpanala BACC eny Ambohimanga ireo. « *Ho fampirisihana azy ireo hanome ny tsara indrindra avy amin'izy ireo sy ho fanampiana ireo ray aman-dreny amin'ny fiatrehana izany fanadinam-panjakana izany dia hiantohako ny saran-dàlan'ireo mpianatra ireo mamonjy ny toeram-panadinany tsirairay avy mandritra ny efatra andro* », hoy io filohan'ny Antenimierandoholona io tamin'izany. Ankoatra izany, nanararaotra nitsidika ny fanatanterahana ny tetikasa fametrahana "forage" ahafahan'ny mponina ao amin'ny kaominina Ambohimanga misitraka rano fisotro madio ihany koa ny Filohan'ny Antenimierandoholona nandritra ity fidinana ifotony notanterahiny omaly ity.

**Mamy R.**



**Nirary fahombiazana ho an'ireo mpanala fanadinana Ing. Herimanana Razafimahefa.**

## Marina izany !

### Mahazoarivo no kapiteny !

**Voavaly amin'ny ampahany izany aloha ny fanontaniana nanitikitika ny mpanara-baovao pôlitika, liana nahafantatra ny daty ôfisialy hanatanterahana ny fifidianana filoham-pirenena. Nampahafantarina ihany koa fa mitetintina 200 tapitrisa ariary ny antoka harotsaky ny kandida hilatsaka hofidiana, ankoatra ireo fandaniana hafa toy ny fandraisany anjara amin'ny saran'ny fanontana ny bileta tokana. Tarehimarika heverin'ny ankamaroan'ny mpanao pôlitika aty amin'ny hery fanoherana ho mihoapampana sy midika fanilihana sahady. Ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana moa, ora vitsy taorian'izay, dia efa nampiseho ny tsy fankasitrahany izany, izay ambarany fa tsy mifanaraka amin'ny lalàna. Na dia mbola amin'ny 9 septambra ho avy izao aza no havoaka amin'ny fomba ôfisialy ny lisitra mirakitra ny anaran'ny mpifaninana dia efa resahin'ny gazety iray mpiseho isan'andro fa kandidà ny filoha amperinasa. Nanomboka omaly, mandeha amin'izay ny tombatombana ny amin'izay mety hitranga. Rehefa mametra-pialana ny filohan'ny Repoblika, ho voatazona hisahana vonjimaika ny andraikitry ny filoham-pirenena ve ny laharana voalohany ao amin'ny antenimierandoholona sa hisy fanendrena vaovao, amin'ilay toerana iray banga, ka itsy farany no mety hotolorana io andraikitra io? Ny efa azo ambara aloha dia ny Praiminisitra no kapiteny, hitondra ny baolina sy hanana fahefana matanjaka, raha vao mametra-pialàna ny filohan'ny Repoblika. Ny dikany, tsy hifanalavitra amin'ny zava-nisy mialoha sy nandritra ny fanomanana ny fifidianana, tamin'ny 2018 ny zavatra hitranga. Ny irariana fotsiny dia hizotra araka ny iheverana azy ny paipaika rehetra apetraka mialoha ary hitondra filaminana sy fitoniana !**

Voahangy Rakotozafy

AREMA

# Nanolotra volavolan-dalàna momba ny fifidianana teny Tsimbazaza

Efa-bolana mialoha ny hanatanterahana ny fifidianana izay ho filoham-pirenena manaraka, tonga teny amin'ny Antenimiermpirenena nanolotra volavolan-dalàna kendreny hanovana ny lalam-pifidianana ny Arema. Isan'ny voarakitra ao anatin'izany, araka ny fanazavana nentin'ny profesora Ange Andrianarisoa, ny tokony hampiasana ny teknolojia vaovao toy ny «machine à voter » sy ny « carte biométrique » amin'ny fikirakirana sy fanatanterahana ny fifidianana. Tanjona amin'izany, hoy hatrany ny teniny, ny mba hisorohana izay mety ho fifandirana sy rà mandriaka ateraky ny fifidianana ary mba hananan'ny Malagasy fahatokisana amin'izay voka-pifidianana hivoaka eo. Ambonin'izany, nantitranteriny fa maro ny tombony azo amin'ny fampiasana ireo teknolojia vaovao ireo. « *Ho voafehy tanteraka ny fikirakirana ny fifidianana. Tsy hisy intsony ny « doublons » na olona iray afaka mandatsa-bato indroa , ho tafavoaka ao anatin'ny fotoana fohy ny voka-pifidianana ary tsy handany vola betsaka ny fikarakarana ny fifidianana* », hoy hatrany ny profesora Ange Andrianarisoa tamin'izany.

**Mamy R .**

## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Antananarivo Renivohitra

# Nidina 54,54 isanjato ny taham-pahafahana BEPC

*Tamin'ny ankapobeny, tsara ny naotin'ny mpianatra tamin'ny taranja fizika sy tantara sy jeografia fa ny malagasy no ratsy indrindra.*

Araka ny efa voalaza omaly, nivoaka ny alin'ny alarobia hifoha ny alakamisy ny voka-panadinana BEPC teto Antananarivo Renivohitra. Nahatratra 54,54 isanjato ny taham-pahafahana tamin'ity taona ity raha 56, 30 isanjato izany tamin'ny taona 2022. Ho an'ny Cisco Antananarivo Atsimondrano kosa, nahitana fiakarany 2 isanjato ny taham-pahafahana ho azy ireo, satria raha 64 isanjato izany ny taona 2022 dia lasa 66,43 isanjato tamin'ity taona ity. Nambaran'ny lehiben'ny faripiadidiam-pampianarana eny Atsimondrano fa anisan'ny antony nampiakatra io taham-pahafahana io ny fisian'ny fanadinana andrana telo, na examen blanc, niarahana tamin'ny Cisco sy ny ZAP ary ny sekoly. Nisy ihany koa ny fifanakalozana nataon'ny mpampianatra mba hampiakarana ny lentan'ny fanabeazana, indrindra teny tamin'ny CEG. Tamin'ny ankapobeny, tsara ny naotin'ny mpianatra tamin'ny taranja fizika sy tantara sy jeografia fa ny malagasy no ratsy indrindra. Araka ny voalazan'ny minisitra Sahondrarimalala Marie Michelle, tsy nitsahatra nitombo ny taham-pahafahana BEPC tao anatin'ny 5 taona. Tamin'ity taona 2023 ity, mpiadina 403 983, na 76,01% ny taham-pahafahana manerana ny Nosy raha 73,87% tamin'ny 2022 ary 66,69% ny taona 2021 ary anisan'ny ratsy indrindra ny taham-pahafahana tamin'ny 2020 izay 45,25 isanjato. Zava-dehibe ny fahafahana fa ny fahaizan'ny mpianatra ihany koa tsy tokony hatao tsinontsinona.

**Nath**

Mpiasan'ny CNaPS

# Misavorovoro amin'ny fanendrena tale jeneraly

Tsy mety tapitra ny fitokonan'ny mpiasa eo anivon'ny CNaPS. Omaly dia nanao fanambarana ireto farany fa tandindomin-doza amin'ny fanaovana tantely afadrakotra ity tahirim-pirenena misahana ny fiahiana sôsialy ity, noho ny tsindry amin'ny fametrahana ny tale jeneraly vaovao araka ny feo tonga any amin'izy ireo. Olona mahefa amin'ny asa, marina sy mahitsy ary ankatoavin'ny mpiasa no takian'izy ireo handray io toerana io. Tsiahivina fa ny fampidirana am-ponja vonjimaika ny tale jeneraly mpisolo toerana, Tsaboto Joslina, tamin'ny 30 jona lasa teo, noho ny raharaha kolikoly tamin'ny fampidirana mpiasa anenjehana azy, no niatombohan'ny fitokonana ary natarika tamin'ny fanakatonana ny masoivohon'ny CNaPS manerana ny Nosy. Nahazo fahafahana vonjimaika anefa ity tomponandraikitra ity tamin'ny 5 jolay lasa teo. Tsy nampivaha ny olana anefa izany fa mbola mitaky ny marina mikasika ny nampidirana am-ponja ity tale jeneraly mpisolo toerana ity ny sendikan'ny mpiasa ary izao tonga amin'ny fametrahana fepetra ho an'ny tale jeneraly vaovao izao. Namoaka fanambarana ny teo anivon'ny CNaPS omaly fa mikatona avokoa ny birao manerana ny Nosy hatramin'ny alakamisy 20 jolay. Niova tamin' ny fotoana farany indray ity fanapahan-kevitra ity, koa nivoaka indray ny fanambarana manaraka, izay milaza fa hikatona avokoa ny birao rehetra amin'ny zoma 14 jolay, saingy hisy ny fanaovana ny asa farany kely indrindra sy ny fanohizana tsy tapaka ny asa ampitain-davitra ho an'ny mpanjifa, dia ny fandraisana mailaka sy hafatra miafina. Efa nisy moa ny fanokafana ny birao tamin'ny ampahany, adiny roa isan'andro, taorian'ny famotsorana ity tale jeneraly mpisolo toerana ity.

**R. Muray**

Toby fiantsonana Andohatapenaka

# Hiakatra ny saran-dalana manomboka amin'ny 22 jolay 2023

Taorian'ny fivoriana notanterahin'ny filohan'ny koperativa miasa eny amin'ny toby fiantsonana Andohatapenaka dia tapaka ny ho fikitihana ny saran-dalana mampitohy ny lalam-pirenena fahefatra sy faharoa. Manomboka ny 22 jolay 2023 izao, raha 50 000Ar ny saran-dalana mampitohy an'Antananarivo sy Mahajanga hatramin'izay dia lasa 60 000Ar izany. Raha 30 000Ar ho an'Antananarivo sy Maevatanana dia lasa 35 000Ar izany. Lasa 45 000Ar kosa ny saran-dalana mampitohy an'Ambondromamy sy Antananarivo raha 40 000Ar teo aloha. Ho an'ny zotra mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina kosa, lasa 35 000Ar daholo ny saran-dalana raha 30 000Ar izany teo aloha. Nambaran'ny tomponandraikitra iray eny anivon' ny Gare Maki fa iarahamahalala fa miakatra ny sandan'ny "euros" ary misy fiantraikany amin'ny vidin'ny kojakoja ilaina izay. Tsy mbola voalaza kosa raha hisy fiovana izany saran-dalana izany aorian'izao vanim-potoanan'ny fialan-tsasatra izao na tsia. Miandrandra zavatra maro anefa ny mpanjifa, satria mandoa vola izy ireo ary tokony hohajaina hatrany ny bokin' andraikitra. Anisan'izany ny fanajana ny mpandeha, ny fanatsarana ny tolotra sy ny fiara fitaterana, ary indrindra ny fitandremana eny amin' ny lalana mba hisorohana ny karazan-doza matetika mitranga tato ho ato.

**Nath**

Madagasikara - Japana

# Hanomboka amin'ny talata ny "Herinandron'ny toekarena"

Hiditra amin'ny andiany faharoa ny "Herinandron'ny toekarena", izay karakarain' ny AEMAJA, na fikambanana ara-toekarena iraisan'i Madagasikara sy Japana. Hotanterahina manomboka ny 18 ka hatramin'ny 21 jolay ho avy izao, ao amin' ny Novotel Ivandry. Tafiditra ao anatin'ny fanamarihana ny fahadimy taonan'ny fikambanana sy ny faha-60 taonan'ny fifandraisana aradiplomatika ny fanaovana ity hetsika ity. Hiavaka ny lanonam-panokafana amin' ny talata, satria hovelabelarina amin'io fotoana io ny vinavina hamadika ny fikambanana ho lasa antenimiera eo amin'ny firenena roa tonta, ka andraisan'ny JICA Madagascar sy ny EDBM (Economic Development Board of Madagascar) ary ny GEM (Groupement des Entreprises de Madagascar) anjara. Maro ireo famelabelaran-kevitra hotanterahina mandritra io efatra andro io, koa anisan' izany ny momba ny fananganana ny ho avin'ny angovo sy ny fotodrafitrasa eto Madagasikara sy ny fiovana eo amin'ny famokarana lamba manaraka ny lalan-tsainan'ny fitantanana japoney amin'ny andro faharoa, ny fizahan-tany maharitra eto Madagasikara, sy ny fampiharana ny tekinika japoney "Kaizen" eo amin'ny tontolon'ny famokarana sakafo mitodika amin'ny tsena amin'ny andro fahatelo, ary ny fanohanana ny sehatra tsy miankina amin'ny alalan'ny asa ataon'ny JICA, ary ny "Cyber sécurité" sy ny fiovana ara-kajimirindra amin'ny andro fahefatra farany.



Nampahafantarina omaly ny fanatanterahana ny herinandron'ny toekarena.

**R. Muray**

Taksibrosy- Zotra nasionaly

# Tsy maintsy misy mpamily roa na lalana latsaky ny 400 km aza

Hentitra manomboka izao ireo kaoperativa mitondra mpandeha amin'ny lalana latsaka ny 400 km fa tsy maintsy misy mpamily roa mitondra mpandeha amin'ny toerana lavitra. Izany dia noho ny fisian'ny lozam-pifamoivoizana tamin'ny lalam-pirenena mihazo an'i Mahajanga vao tsy ela akory izay. Na eo aza izany dia mbola olana hatreto ny fisian'ny mpamily manao dona miverina rehefa marobe toy izao fotoam-pialantsasatra lehibe izao ny mpandeha. *"Raha horaisiko amin'io dona miverina io dia tsy misy io raha ny ato amianay, satria tsy maintsy miandry ny anjara handehanany avokoa ny mpamily rehetra tonga any amin'ny alehany. Ohatra, raha miala eto Antananarivo ho any Toamasina ny mpamily iray dia tsy maintsy mijanona any fara-fahakeliny iray andro, maka aina tsara aloha, vao miverina ary misy aza roa andro na mihoatra vao mahafeno indray. Noho izany, tsy atahorana ny hisian'ny mpamily matory an-dalana ato amiany"*, hoy ny tomponandraikitry ny kaoperativa iray taminay omaly. Raha izany no zava-misy. Inona kosa ary no sazy henjana apetraky ny ATT mba hitandreman'ireo mpamily rehetra, satria raha ity mpamily tsy maintsy roa ity dia efa hatry ny ela no nampiharina? Etsy ankilany indray dia misy ireo kaoperativa hafa nilaza fa *" ny saofera ato aminay dia miankina amin'ny halaviran'ny toerana halehany no maha iray na roa azy ireo ato aminay. Na dia mankany Mahajanga aza dia mbola arakaraka izany, satria misy toerana maro azo ijanonana (air de repos) amin'iny RN4 iny ka afaka maka aina na matory kely ny mpamily"*, hoy kosa indray ny filohan'ny kaoperativa iray hafa. Ho fisorohana ny sanatria hisian'ny lozam-pifamoivoizana moa dia misy amin'ireo tomponandraikitry ny tobim-piantsonana no hentitra ka tsy mahazo mandeha ny fiara handeha lavitra raha vao tsy misy mpamily mpanampy.

**Heriniaina A.**

SYNDPERS MESUPRES

# Mangataka ny hanesorana ny Minisitry ny fampianarana ambony



Vory marobe ireo mpiasa rehetra eo anivon'ny SYNDPERS MESUPRES. (Sary: HAR)

Taorian'ny fanampiana nataon'ny SECES Sampana Antananarivo vao tsy ela akory izay dia nitafa tamin'ny mpanao gazety ihany koa ny SYNDPERS omaly. *"Angatahanay tsy misy hataka andro ny fanesorana ny minisitry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana aratsiansa, Atoa Filoha, fa io ilay TOP lazainao, fototry ny olana rehetra eny amin'ny tontolon'ny fampianarana ambony, satria olona tsy mitazona ny teny nomeny, tia mandainga, hany ka tapitra mikorontana daholo na ny mpianatra na ny mpandraharaha sy ny CROUA, ny CNRs, ny PAT-n'ny MESUPRES, ary ny SECES. Midika izany fa tsy voafehiny ny Minisitera tantanany. Mandringa tanteraka ny tontolon'ny fampianaran ambony nanomboka nandraisan'io minisitra io ny fisahanana an'izany. Fitoriana sy fanagadrana izay mpiasa maneho hevitra, ary famoronana dosie no mba vahaolana hitany rehefa misy olana tokony hovahana"*, hoy Atoa Tsiavonamana Tantelison, filohan'ny SYNDPERS MESUPRES. Nomarihan'ity farany fa tsy matahotra fisamborana sy ny ramatahora ny mpiasa rehetra eo anivon'ity minisitera ity ka izany no nisian'ny fahasahian'ny mpiasa rehetra nanokana fotoana nitafa tamin'ny mpanao gazety. Hatreto dia tsy mbola voavaha ny olana rehetra takian'ny sendikà efa 10 volana lasa izay, nanomboka ny 12 septambra 2022 hatramin'izao, dia ny "indemnité de technicité; basculement budget autonome" ho lasa "budget général"; ary ny fampiatoana ny antsonjay ataon'ny tomponandraikitra. Marihina moa fa ireo mpiasa dimy lahy mbola arahin'ny fitsarana maso dia mbola hiatrika ny raharaham-pitsaran'izy ireo amin'ny 25 jolay 2023 ho avy izao na dia nahazo fahafahana vonjy maika aza.

**Heriniaina A.**